

**[Vidéo ETO]**

« Ato am-ponay ianareo, tianay ianareo, ary nanao velirano izahay fa tsy ho adino intsony i Sainte Marie, tsy maintsy hampandrosoana Sainte Marie. Ary izay no ataon-tsika eto androany, Tompokolahy sy Tompokovavy. Marina sa tsy marina ?

Ny vavahady misokatra hidiran’ny vahiny rehetra eto Sainte Marie dia ny aéroport. Marina sa tsy marina ? Satria malaza amin’ny fizahan-tany i Sainte Marie, malaza amin’ny baleines. Izay no nahatonga ahy, vao afaka ny Covid, niresaka tamin’ny ministre-ny Tourisme niresaka tamin’ny ministre-ny Transport hoe : mila ampiantsika ny vahoakan’i Sainte Marie, mila ampiana ny mpizaha tany, mila ampiana ny fampandrosoana rehetra eto Sainte Marie. Izay no mahatonga antsika eto androany.

Satria androany izany dia ho tokanana amin’ny fomba ofisialy ny balisage, izay mametraka ny jiro ahafahan’ireo raopilanina, fiaramanidina  izay tonga eto, mipetraka amin’ny andro alina. Satria betsaka ny sidina avy any La Réunion, avy any Maurice sy avy any amin’ny Nosy rahavavy nefa tsy afaka tonga eto raha tsy misy izany balisage izany.


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
«Balisage lumineux de piste»
an'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena
Sainte Marie-RAVORAHA,
notokanan'Andriamatoa Andry RAJOELINA,
Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara
Notronin'
Andriamatoa RAMONJAVELO Manambahoaka Valéry F.,
Minisitry ny Fitaterana sy ny
Famantarana ny toetr'andro
Andriamatoa RANDRIAMANANTENA Marcellin,
Governoran'ny Faritra Analanjirofo
Andriamatoa RAKOTONDRAZAKA Ladislas Adrien,
Mpandrindra Nasionalin'ny tetik'asa PIC
Andriamatoa ANDRIANIAINA Jean Germain,
Tale Jeneralin'ny Orinasa ADEMA SA
Sainte Marie, faha 14 jolay 2023.
PIC
ADEMA


Aéroport International de Sainte Marie
Ravoraha
13 juillet 2023, 22h26: Premier vol de nuit
Essai du balisage lumineux de piste